Zanaky ny Faritr'i Melaky

**Aza atao fitaovana politika na atao zanak'ikala hafa** 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 2 avrily 2019 Laharana 893 Vidiny : 400 Ar


**Salamo 105: 15** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 124), Madagasikara 30 martsa 2019


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Boriboritany faha-4** 2

# Kandidà tokana no nahazo tsodrano tamin'i Dada



**Famonoana Malagasy tamin'ny 29 martsa 1947** 3

# Tsy sahy manakiana frantsay Rajoelina



**TSENAN'ANDRAVOAHANGY** 6

## Manao hetsika fandaminana mandritra ny herinandro ny CUA

**FILAZANA**

*Ilazana Rtoa RAZAFIMANDIMBY Marie Noelle ,*
*CIN N°101 212 117 216 du 06/06/1990 à Tana I.*
*Sy*
*Mr Jean Marc GEOFFRAY*
*Mba hiantso maika ireto laharana ireto :*
*- 032 43 048 66*
*- 034 84 481 60*
*- 033 46 232 19*
*Momba ny raharaha mahakasika anao.*
*Iangaviana izay rehetra afaka mifandray aminy mba hampita ity filazana ity.*

**Vehivavy niasa tany Koweit** 5

## Mampieritreritra ireo voalaza fa tratry ny antsojay

**Depiote Rastany** 3

## Kandida ho an'ny rehetra ao amin'ny Boriborintany faha-2

**Faritra Boeny** 3

## Nahazo Eveka anglikana vaovao

**Daka kely**

Hisolelaka amin'ny Sōnegaly mpamono gasy koa ve ialahy ry Boaikely a !

**Kandida Feno sy Bodo Boriboritany III** 2

## Nanome fitaovana ho an'ireo ankizy mpilalao baolina tao Ankadifotsy



BORIBORITANY FAHA 4

## Kandidà tokana no nahazo tsodrano tamin'i Dada



Notanterahana ny sabotsy teo ny fifampiarahabàna tratry ny taona teo amin' ny mpikatroka amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ny Boriboritany faha 4, manerana ny fokontany 34 ao amin'ity Boriboritany ity, izay natao teny amin' ny Espace Mahatazana Fort-Voyron. Tao anatin'izany ihany koa no nanolorana ny kandida depiote TIM.K25 hitondra ny fanevan'ny Tiako i Madagasikara, Ramboasalama Emilien sy ireo mpiray lisitra aminy. Tonga tao an-toerana ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, ny filoha Marc Ravalomanana, nanambara tamin'ny fomba ofisialy fa Ramboasalama Emilien no kandida tokana nahazo tsodrano avy aminy sy ny antoko TIM. Tonga eto amin'ny boriboritany fahaefatra aho hoy i Dada ampahafantatra amin'ny fomba ofisialy ny kandidantsika amin'ny 27 mey ho avy izao dia Ramboasalama Emilien, izay notendren' ny fototra TIM.K25 rehefa vita ny sivana. Tsotra ny hafatra hoy ny filoha Marc Ravalomanana ; mila mitazona ny maha-izy antsika isika, mila mitazona ny mahaizy azy ny antokontsika, ary mijoro hatramin'ny farany amin' ny fotokevitra nijoroana hatramin' izay sy miasa miaraka anatanterahana ny tanjona fitsinjovana ny vahoaka sy fampandrosoana ny firenena. Ny kandida Ramboasalama Emilie indray raha nandray fitenenana dia nanambara fa manome toky anareo aho hoy izy fa ho depiote ho an'ny rehetra rehefa tonga eo amin'ny toerana. Tsy maintsy hitsinjo ny vahoaka hatrany aho amin' ny alalan'ny fanaovana asa soa araka ny tarigetran'ny filoha Marc Ravalomanana.

***Helisoa***

Kandida Feno sy Bodo Boriboritany III

## Nanome fitaovana ho an'ireo ankizy mpilalao baolina tao Ankadifotsy



Mbola tsy teo amin'ny toerana maha kandida ho solombavambahoaka azy i Feno Ralambomanana, na Feno, sy Bodoarisoa Razafindrazaka, na i Bodo dia efa nanao asa fanasoavana ho an'ny mpiarabelona aminy. Araka izany, noho ny fangatahana nataon' ireo mpitantana ny klioba mpikarakara ankizy mpanao baolina kitra ao amin'ny fokontany Ankadifotsy Befelatanana, tamin'ny kandidan'ny antoko TIM.K25 tarihin'i Feno sy Bodo, ny mba hanampiana ireo boay kely latsaky ny 15 taona, hanao fifaninanana baolina kitra: ALEFA BAREA. Avy hatrany ireto farany dia nanolotanana ho an'ireo katita kely ireto satria zanaka iaraha-manana ihany hoy Bodo. Fanamiana Jogging no natolotra ireo ankizy tamin'izany fa mbola ho avy hoy izy ny hijerana manokana bebe kokoa azy ireo. Nandritra izany dia nisy ny hafatra nataon'i Bodo ho an'ireo mponina mba hijery ny anarana ao anaty lisi-pifidianana. Zavadehibe ny fifidianana, ka aoka ny fahakiviana nisy teo aloha hoy izy tsy atao ahasakana antsika hifidy.

***Helisoa***

Todisoa Andriamanampy

## Nandray anjara tamin'ny ezaka tafo tao amin'ny FJKM Zaivola



*Todisoa Andriamampandry, niatrika fotoam-pivavahana tao amin'ny FJKM Zaivola.*

Mitohy hatrany ny ezaka fanampiana ara-tsosialy ataon'i Todisoa Andriamampandry ao amin'ny Boriboritany faha-6 eto Antananarivo Renivohitra. Tonga nanatrika sy niaraka niombom-bavaka ary nanatanteraka ny anjara birikiny ho famaranam-bokatra tamin'ny Ezaka Tafo izy, ankoatra izay dia nanolotra simenitra 10 lasaka tao amin'ny Vondrombavaka FJKM Zaivola, fari-tra Ankadibe, Boriboritany faha-6 ny alahady teo ihany. Kristiana FJKM tsy menatra manao politika fa mijoro Vavolombelon'ny Tompo amin'ny Fahamarinana sy ny asa ho an'ny firenena ary ny olona manontolo i Todisoa Andriamampandry. Tsy manavaka finoana koa anefa fa mizara ny fahasoavana amin'ireo hafa na iza na iza ihany koa izy.

***Isambilo***

Boriboritany faha-5 (CUA)

## Nanadio tatatra teny Ambohidahy-Ankadindramamy

Ho fisorohana ny mety ho fiakaran'ny rano vokatry ny fahatsentsenan 'ny lakandrano, niroso tamin'ny fanadiovana ny tatatra teny Ambohidahy Ankadindramamy (akaikin'ny Station Shell), ny Boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nanatanteraka izany ireo ekipa teknika taorian'ny fandraisana ny fitarainan'ireo mponina eny an-toerana. Nandritra izany dia nosokirina ireo fako niangona tao anatin'ity lakandrano ity mba hahafahan'ny rano mikoriana tsara. Entanina hatrany ny mponina mba tsy hanary fako any anatin'ireny tatara ireny hisorohana ny mety ho fiakaran'ny rano, indrindra amin'izao fotoana ihavian'ny orana izao.

***Aly***



*Ny fanadiovana tatatra nataon'ny tao amin'ny Boriboritany faha-5.*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Toa tsy misy laharam-pahamehana ny ataon'ny fitondrana Rajoelina

Efa ho 3 volana izao no nitondra ny firenena ilay nolazaina fa fitondràna vaovao tarihin'ny filoha napetraky ny HCC sy ny CENI Andry Rajoelina, fa tsy mbola hita aloha ilay nampanantenaina ny vahoaka tamin'ny fampielezan-kevitra. Lasa resabe eto amin'ny firenena ankehitriny indrindra amin'ny tambazotran-tserasera ny fampodiana ireo vehivavy maromaro niasa tany Koweit izay nilaza fa mijaly. Ny fahitàna azy ireo anefa dia tena mihaja be sy botabota tsy ahitàna taratra hoe mijaly izany. Mampametram-panontaniana ny maro hoe, vola avy aiza daholo izany no hampodiana azy ireo ? Raha volampanjakana, dia volam-bahoaka izany. Tsy noterena sy novozonana anefa ireo mpiasa Malagasy ireo fa vokatry ny fony tanteraka no nandehanany tany. Koa tena laharam-pahamehana ve ny fampodiana azy ireo ? Ny tsy salama kosa angamba tsy asiana olana mihintsy, fa raha ny sasany tsy marary tsy marikoditra handaniana vola be kosa mampieritrerita ihany. Izay no mampanontany tena hoe, ho entina mankaiza ity firenena ity? Toa tsy misy laharam-pahamehana mihintsy ny ataon'ireo mpitondra fa toa zavatra any amin'ny tsy izy daholo. Dia miandry ihany ny Malagasy efa torovan'ny fahantrana, fa raha ny zavamisy amin'izao dia ny omaly tsy miova ihany, tsy misy antenaina.

***Helisoa***

Zanaky ny Faritr'i Melaky

## Aza atao fitaovana politika na zanak'ikala hafa



Aza atao fitaovana politika na zanak'ikala hafa ny zanaky ny faritr'i Melaky, nivoitra io nandritra ny fihaonana nataon'ireo mpikambana zanak'iny faritra iny, izay mila ravinahitra eto an-drenivohitra, teny amin'ny Dome- RTA Ankorondrano ny sabotsy lasa teo. Namafisin'ireo mpikambana fa tsy rariny intsony ny fanaovana ankilabao iny faritra iny nandritra ny taona maro, izay nisian'ny mpitondra nifanesy, nanomboka tamin'ny tetezamita, ka hatramin'ny fitondrana Hery Rajaonarimampianina, mitohy amin'ny fitondran'i Andry Rajoelina izao. Ny filoha Ravalomanana Marc kosa anefa no nametraka ny orinasa Total tao Bemolanga distrikan'i Morafenobe voalaza fa Ambato bevohoka raha ny hiran'ny tarika Mahaleo, hanao fitiliana ny solika tany Bemolanga, ka nanamboarana ny lalana mihazo an'Tsiroanomandidy sy i Maintirano ary Morafenobe-Ambatomainty ary mipaka any amin'ny faritra Betsiboka dia i Maevatanana, saingy narodan'ny Mpanongam-panjakana notarihan'i Andry Rajoelina, nefa rava hatreo ny fampandrosoana iny faritra iny. Ireo fitaovana nampiasain'ny mpitrandraka nanao fitiliana potika tsy nisy azo nampiasaina. Nampiakapeo ary ireo zanaky ny faritra fa na iza milaza fa hisolo ny vavan'ny vahoaka any amin'iny faritra iny dia tsotra ny azy ireo, ny filoha ihany no mety ho hany hamaha ny olan'ny fampandrosoana any an-toerana, raha mpitondra tsy mpanavakavaka ny tenany dia ny tombontsoan'ny Malagasy iray manontolo no jerena ary fantany tsara iny faritra iny. Aoka tsy atao kobaka am-bava na fitadiavan-tseza ny famahana ny olan'ny Faritra Melaky hoy ny fanambarana. Maro no nilaza fa tsy hohanina ny lalana saingy izao lalana no olan'ny fampandrosoana any amin'ny faritra Melaky iny, mifandraika amin'io ihany koa ny tsy fandriampahalemana. Toa nofy ny fisian'ny fiara Mazda mini- bus irony, nihazo an'i Tsiroanomandidy Maintirano, nandritra ny fitondran'ny filoha Marc Ravalomanana.

***Serge***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Famonoana Malagasy tamin'ny 29 martsa 1947
# Tsy sahy manakiana ny frantsay ny fitondrana Rajoelina

Tamim-pahendrena no nanamarihan'ny vahoaka Malagasy ny andron'ny 29 martsa 1947 tamin'ny zoma lasa teo. Nifamoivoy ihany koa ireo manam-pahefana tamin'ny hetsika samihafa tamin'ireo toerana samihafa manan-tantara sy misy tsangambato hametraham-pehezamboninkazo, mba ho hitan'ny valalabemandry. Tao anatin'izany dia nisy ireo lahateny sy kabary samihafa nataon'ireo manam-pahefana eo amin'ny fitondrana. Iray amin'ireny ny an'ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina tany Moramanga, izay natao nakotrokotroka mivantana tamin'ny haino aman-jery akaiky azy. Nisy ny fampanantenana maro sy fitenenana hatrany ny amin'ny fitiavan-tanindrazana. Notsiahivina ny tantara izay nisian'ny habibiana nataon'ireo Frantsay mpanjanatany tamin'ireo Malagasy tia tanindrazana niady ho amin'ny fahafahan'i Madagasikara. Na teo aza izany ary nambara, araka ny efa nampoizina sy nolazaina teto, dia tsy nisy ny fanakianana ireo mpitondra frantsay na kely aza, tamin'izany fandripahana ny Malagasy 72 taona lasa izay. Niniana tsy notenenina sa tena tsy fahasahiana noho ny fahefan'ny fitondrana frantsay manjaka tanteraka eo amin'ny firenena Malagasy sy eo amin'ny fitondrana? Mampieritreritra ny fihetsiky ny filoha Meksikana vao tamin'ny herinandro lasa tamin'ny fahasahiana nanakiana ny fitondrana española sy nitaky ny fialan-tsinin'izy ireo amin'ny vahoaka Meksikana noho ny fanjanahantany natao tany amin'ny fireneny sy ny tsy fanajana ny zon'olombelona nandritry ny 500 taona tany aminy. "Tsy hoe tsy hihavana akory izahay, fa mitaky ny fialan-tsiny ataon'ny fitondrana española", hoy izy. Ny teto amin'ny firenentsika kosa habibiana sy herisetra nandripahana ireo mpiray tanindrazana no nataon'ny mpanjanatany frantsay, kanefa tsy sahy miteny na kely aza amin'ny fitondrana frantsay ny mpitondra eto amin'ny firenena ny amin'ny fialantsiny sy ny amin'ny onitra tokony haloany eto. Nitaky izany onitra izany ry zareo Alzeriana noho ny hetraketraka sy hersietra niaro habibiana nataon'ny mpanjanatany frantsay tany aminy, ary niaiky sy nanaiky nandoa izany ny fitondrana frantsay taty aoriana. Nahoana ny fitondrana Rajoelina no tsy sahy mamoaka na teny kely akory aza toy izany? Nambarany fa tsy atao raraka an-tany ny ran'ireo maritiora tia tanindrazana tany Moramanga. Ka amin'ny fomba ahoana no anehoany izany marina raha tsy manana fahasahiana toy ireo firenen-kafa nopotehin'ny fitondrana frantsay? isika aza tena nopotehiny mafy kokoa fa iaraha-mahita izao ny fahavoazana. Efa nambara tany aloha kely tany teto amin'ny gazety ihany, fa sarotra ny hino raha ato anatin'ny fitondrana Rajoelina izao no hiverina amin'ny Malagasy ireo nosy manodidina "îles éparses". Ary tsy tokony hireharehana velively ny fanasana manokana nataon'ny fitondrana sonegaly, fa tokony hampieritreritra lalina raha ampifandraisina amin'ny tolona tamin'ny 29 martsa ihany sy ny fitakosinan-dry zareo amin'ny fitondrana frantsay nifandimby mandraka ankehitriny. Moa hanara-dia azy isika ka hanao ny politikany mba handroso ao anaty sahan'ny Fitondrana Frantsay ? Tsia kosa, …

***Sôh'son***

Faritra Boeny

## Nahazo Eveka anglikana vaovao

Ny alahady teo dia nisy ny fanamasinana sy fametrahana Eveka vaovao tao amin'ny Katedraly Anglikana Santa Lioka Manga, Mahajanga. Izany dia nialohavan'ny tanjozotra masina (Prossession) nataon'ireo fianakaviamben'ny mpino anglikana. Ny Mgr Chanoine Samuel Hall SPEERS no nohamasinina ho Eveka faharoa, hitondra indray mandritra ny dimy taona, ny diosezin'i Mahajanga, rehefa lasa nisotro ronono ny teo aloha. Tera-tany irlandais izy, manambady ary manan-janaka telo. Ny Arseveka anglikana aty amin'ny Ranomasimbe Indiana, Sa Grâce Mgr James Wong no nitarika ny fanamasinana izay sambany nisy tany Mahajanga. Nanotrona ny fotoana ireo solontenan'ny FFKM any an-toerana sy ny Filohan'ny Antenimierandoholona, Rivo Rakotovao, notronin'ny Prefet an'i Mahajanga sy ny Lehiben'ny faritra Boeny mpisolotoerana. Ny taona 1929 no nijoroan'ny fiangonana anglikana voalohany tany Mahajanga. Distrika sivy no misy azy ao anatin'ny faritanin'i Mahajanga: Mahajanga I, Port-Berger, Antsohihy, Befandriana, Maintirano, Mandritsara, Marovoay, Mampikony ary Madirovalo.

**Fitsidihana ara-pomba fanajàna**

Mialohan'ny fanamasinana dia tonga nitsidika ny Lehiben'ny faritra Boeny mpisolotoerana, Bazezy V. Clavelah tao amin'ny birao fiasany ao amin'ny Bloc Administratif Ampisikina ny sabotsy ireo Eveka Malagasy sy vahiny avy amin'ny fiangonana Anglikana, izay notarihan'ny filohany aty amin'ny Ranomasimbe Indiana. Ny olombelona dia sady fanahy no vatana ary saina hoy ny Lehiben'ny faritra. Tsy feno ny maha olombelona raha tsy feno ireo zavatra telo ireo hoy izy ary miaraka amin'izay ny fitaizana ara-panahy. Ary isan'ny antoky ny fampandrosoana sy ny fananana fiainana lavorary ny fitaizana ara-panahy ny rehetra.

***Isambilo***



*Ny fanamasinana ny Eveka Anglikana vaovao any Mahajanga faritra Boeny.*

DEPIOTE RASTANY

## Kandida ho an'ny rehetra

Misokatra amin'ny olompirenena rehetra ny kandidan'ny antoko TIM.K25 ao amin'ny boriboritany faha 2, Randrianarisoa Stanislas na depiote Rastany. Efa nambarany hatramin'izay, fa ho kandidan'ny rehetra izy, araka ny tarigetran'ny filoha Marc Ravalomanana filoha nasionalin'ny antoko TIM. Araka izany, vory lanona ireo mpanohana azy avy any amin' ny faritra mipetraka eny Ambohipo sy Ambolokandrina ny sabotsy teo, nandritra ny fihaonana teo amin'ireto farany sy ny kandida Randrianarisoa Stanislas ary ireo mpiray lisitra aminy. Vonona izahay hanohana anao depiote hoy izy ireo rehefa tonga ny fotoana satria tsapanay hoy izy ny fijerenao anay hatramin'izay, na tamin'ny fanamboarana fotodrafitr' asa, na fanaovana asa soa. Ny masoandro maty no nampalahelo satria nisy ny fiarahana nifaly sy ny fiarahana nihinanana ny nofon-kena mitam-pihavanana nandritra ny fotoana.



***Helisoa***

CENI

## Tonga ireo santionana biletà tokana hanaovana fampianarana

Tonga ny alahady teo eto amintsika ireo santionana biletà tokana hanaovana fampianarana sy fiofanana, amin'ny fifidianana depiote hatao ny 27 mey ho avy izao. Santionana biletà tokana ampahany voalohany miisa 79 ireo tonga ireo, hoentina manofana ireo rantsa-mangaikan'ny CENI manerana an'i Madagasikara, sy ho an'ireo fiaraha-monim-pirenena nahazo alalana hiasa amin'ny sehatry ny fifidianana. Ny santionana biletà tokana andiany faha-2 hanaovan'ireo kandidà fampianarana ireo mpifidy kosa dia ho tonga ny 25 aprily ho avy izao, sy ireo biletà tokana tena hampiasaina amin'ny fifidianana depiote ny alatsinainy 27 mey. Ho an'ireo biletà tokana hampiasain'ireo kandidà dia afaka manao dika mitovy na photocopie izy ireo hampianarany ny mpifidy, sy hahafantaran'ny mpifidy ny tena laharan'izy ireo avy ao amin'izany biletà tokana izany amin'ny androm-pifidianana.

***Ny Valosoa***




*Santionan'ny bileta tokana tamin'ny fifidianana teo aloha.*

### TONONKALO

## Ilaozy ny sampinao

Atsaharo ny hafetsena nolaroim-pitiavantena,
F'io no poizin-dehibe mamotika ny firenena.
Mankamamy an'io daholo ianareo nahazo toerana,
Tsisy fo mba hoe hizara na mba hanana fitserana !

Ny hameno paosy hatrany ny anareo no mahafaly.
Ny hanan-trano marobe sy fiara raitra no "idealy".
Trano iray sy fiara iray anefa dia lazaina ho ampy,
Fa ny amboniny imatesana, mety hivadika ho sampy.

Sampy ireo ankamamiana sady tena ivavahana,
Hamotehana ny hafa, hanimbana ny fiarahana,
Ary handaozana ny namana, hivadiham-panekena,
Noho ny tsy faharesena izany hoe fitiavantena.

Sampy ireo rehetra asandratra miaraka amin`ny devoly,
Ka dia enti-manangoly sy anaovan-kolikoly.
Sampy ireo rehetra atsangana sy ajoro an-kafetsena
Haminganana ny hafa mba ho tombontsoan`ny tena.

Koa mitaona anao mitonona ho nahazo fanambinana,
Mba hametraka amin`ny toerany izany hoe fahamarinana.
Dia ialao ny toetra ratsy mampiseho fitiavantena,
Ary ilaozy iretsy sampy fositry ny firenena.

***SEDERA RAVALISON (29-03-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny fihaonan'ny kandidà Rastany tamin'ireo avy any amin'ny faritra mipetraka ao Ambolokandrina sy Ambohipoo ny sabotsy teo.**









# Sakafo Ny Valosoa



Laisoa sy atody (Oeufs brouillés aux choux) indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mitovitovy amin'ilay ovy sy atody sy saosety sy atody ihany ny fomba fikarakarana azy. Ny zavatra ilaina dia laisoa, tongolo gasy, sira, dipoavatra ary atody. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Manasitrana ny hemoroida ny tantely

Ny asan'ny tantely amin'ny fivontosana amin'ny fitombenana na hemoroida indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Mampihena haingana ny mivonto vokatry ny hemoroida ny fanosorana tantely matetika ny lavaky ny fitombenana na ny antsoina hoe anus.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Ambohidratrimo amin'ny faritra Analamanga

Ny tanànan'Ambohidratrimo amin'ny faritra Analamanga indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny distrikan'Ambohidratrimo ity tanàna ity. Ahitana rova ny tanànan'Ambohidratrimo saingy may nisy nandoro izany taona vitsivitsy izay. Ilazana azy koa ny hoe faritra Marovatana. 15 km miala an'Antananarivo Renivohitra no misy ity tanàna ity. Misy miasa aty an-drenivohitra ny mponina ao, misy koa ny tantsaha mpamboly sy mpiompy. Anisan'ny vokatra eny Ambohidratrimo ny vary.



## Salamo 105: 15

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 124), Madagasikara 30 martsa 2019

***Salamo 105: 15 "Aza manendry ireo voahosotro, Ary aza manisy ratsy ireo mpaminaniko."***

Henoinareo olombelona tsy ankanavaka anie izay tiako ambara e! N'iza n'iza voahosotro dia izao: aza tendrena! Izany hoe ilàna vaniny, hosoram-potaka, omena tsiny sns. Iza moa no atao hoe "voahosotra"? dia ireo nantsoiko hanao ny "ASAKO", ireo manely ny atao hoe "FILAZANTSARA", mpitory an'i JESOSY sy ny Fanjakany. Tsy mandeha amin'izao ireny fa tsy maintsy "HOSORANA" mba ho feno sy tanteraka izay ASA ataony, mba hiavaka, mba hikely aina fatratra. Samy voahosotra daholo fa izao: ny mpaminany tsy mba hosoran'olombelona fa hosorako JEHOVAH mivantana mba ho to sy tanteraka aminy izay ASA maro miandry azy. Izany indrindra no tsy zakan'ny olona ka mahatonga ity teny ity hoe "aza manisy ratsy ireo mpaminaniko". Betsaka ireo mpanompoko no manontany ireny mpaminany tena avy AMIKO ireny ka manao hoe: iza moa izany no nanosotra anao? Taiza? Oviana?sns... Zava-miafina aminareo ny momba izany kanefa azo anontaniana tsara izy ireny. Anisan'ny tsy zakan'ny olona koa izany ka izany no mahatonga ny olona manisy ratsy mpaminany, manenjika azy ireny, miteny ratsy, mamingavinga, mankahala, manilika, tsy ekena na eo amin'ny asa ataony na eo amin'ny fiaraha-monina misy azy. Ny mpaminany mantsy dia manana sy nomena ireo karazana FANOMEZAM-PAHASOAVANA voalazan'ny Baiboly ary mbola misy ambonin'ireo aza toy ny hoe MPANOSOTRA, MPAMPIHAVANA, MANAO FAHAGAGANA SY FAMANTARANA. Ary ny tena mampiavaka ny mpaminany dia ny milaza zavatra ho avy. Rehefa tsy hitan'ny olona ny fahatanterahan'izay voalazan'ny mpaminany dia lazaina izy fa sandoka. Misy dingana izy io. Ao ny "FAMINANIANA" vetivety dia tonga, ohatra hoy Elisa : rahampitso toy izao dia ho sekely iray ny vidin'ny vary hordea in-droan'ny famarana (II Mpanjaka 7: 1) ary dia tanteraka tokoa izany. Misy koa ny FAMINANIANA lavitr'ezaka. Na i JAONA, ***Matio 3: 2** "Mibebaha ianareo; fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra"*, na JESOSY , ***Marka 1: 15** "Efa tonga ny fotoana, ka efa akaiky ny Fanjakan'i Jehovah Andriamanitra; mibebaha hianareo ka minoa ny filazantsara."* Samy nilaza ny Faminaniana nomena AZY IZY mirahalahy ireo ny amin'ny FANJAKAKO tsy maintsy tanteraka ambany masoandro izany. Diniho tsara io an! Mbola ho avy izany fa tsy misy mahalala ka raha miteny ny mpaminany mba ekeo ihany, mba inoy ihany fa aza dia malaky manisy ratsy e! Tsy zavatra toy izany akory no anenjehana azy ireny sy ilazana azy fa sandoka. Toy izao ny zava-misy: anjarany no miteny sy milaza ny hafatra fa AHY JEHOVAH ny fotoana fahatanterahana, misy tsininy ve izany??? Ary izany no tena asa sy anirahako mpaminany, mampiomana ny olona fa ny Teny tsy maintsy tanteraka, amin'izany dia anjaran'ny olona ny miandry ny fahatanterahany. Izy koa anefa tsy voatery hahita izany hoe hahatanterahan'izany voalaza izany. Ohatra, ny fihavian'i JESOSY na ny fiverenany indray. Izany anie mbola tsy tonga mandraka androany e!, ***Asan'ny Apostoly 7: 52** "Iza no mpaminany izay tsy nenjehin'ny razanareo? Eny, novonoiny aza izay naminany ny fihavian'ilay Marina; ary ankehitriny dia efa tonga mpamadika sy mpamono Azy hianareo."* Tsy misy mahalala ny fotoana na dia lazaina ombieny ombieny aza izany. Rehefa miteny hafahafa ny mpaminany satria tsy mety amin'ny olona izay lazaiko JEHOVAH amin'ny alalany dia maniratsira ny olona, ***II Petera 3: 3-4** "efa fantatrareo voalohany indrindra fa amin'ny andro farany dia hisy mpaniratsira avy haniratsira, mandeha araka ny filany ka manao hoe: Aiza ny teny fikasana ny amin'ny fihaviany? Fa hatrizay nodian'ny razana mandry dia maharitra tsy miova ny zavatra rehetra; eny, hatramin'ny nanaovana izao tontolo izao aza."* Ary ireo fombanareo ratsy sy toetranareo hafahafa koa anie ka tsy mety AMIKO JEHOVAH e! Hein! Kanefa aza hadino fa IZAHO no JEHOVAH MPANJAKA tokony hekenareo. Ny Apotsoly dia efa nisy mpaminany nampiasaiko toa an'i JAONA izay nanambara ny APOKALYPSY. Miomana fa mbola ho avy izany fotoana izany sao variana miady hevitra amin'izany hianareo. Izany no ASAKO JEHOVAH ao amin'ny mpaminany. Fiomanana no zava-dehibe fa tsy ny fankahalana mpaminany. Satria nahoana hoy hianareo? Matetika tsy vetivety ny fahatanterahan'ny HAFATRA fa misy an'arivo taona mihitsy. Dikany, mila fiomanana izany. Ity no tsy fantatrareo, izay teny na hafatra ampitondraina ny mpaminany anie no TORIAN'NY MPITORY e! Sy andehanan'ny misionera lavitra ary velarin'ny mpampianatra sy isoronan'ny mpanao vavaka fifonana. Ka nahoana ny mpaminany no tsy avela hiteny? Hamorona zavatra tsy nambarako hianareo? Fantaro tsara fa izany no marina. Nohon'ny fankahalana mpaminany dia betsaka ny Hafatra tsy voalaza satria baikoan'ny olona ny mpaminany ka ferany ny HAFATRA mba hanaovany ny sitrapony sy ny hadalany. Matetika marivo salosana ny mpaminany ka tsy mijoro amin'ny asany ka manao fitadiavam-bola ny TENY FIKASANA, matahotra olona, manandra-tena, manava-tena, tsy miara- miasa amin'ny Fiangonana fa mandeha irery. TSIA! Tokony ho ao anaty Fiangonana fa tsy mandeha irery.

*Mbola hitohy*

*Amen! Haleloia!*

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

***Ohabolana 14:7***

*Mialà eo anatrehan'ny olona adala, fa tsy ho hitanao aminy ny molotry ny fahalalana.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Mampieritreritra ireo vehivavy niasa tany Koweit ary voalaza fa tratry ny antsojay



**Arp Helisoa :** raha ny fijerena izao kosa aloha dia hitako hoe tsy mijaly izany e! Ny mpiasa an-trano eto Madagasikara aza manao ahoana miohatra amireo? Efa nivoaka an-gazety fa ireo tsy dia tsara fitondrantena no mijaly raha ny fitantaran'ireo ankizy mba miserasera aminay e! Ahoana ny mpianatra any Chine? mba nojerena ve ny mikasika azy ireo?

**Mandroso Randria :** ekena fa mahazaka maniraka ny fitadiavana, fa ny an'ireto kosa sitrapo no nandehanana nitady ravin'ahitra tany Kuweit tany. Nijaly fadiranovana hono ry zareo ka niantso vonjy ny hampodiana azy. Tsy eken'ny saina kosa aloha ny hihevitra hoe misy anabavy na rahavavy mpiray tanindrazana "mijaly" sy "ampijaliana" any ivelany any. Isaorana ny fanjakana foibe nanao izay azony natao tamin'izany, saingy izao: volambahoaka no nolaniana tamin'izany. Tsy nifampieràna, tsy noterena, tsy nifanarahana na tamin'iza na iza ny nandehanan-dry zareo tany ... fa antsokosoko mihitsy aza. Efa tody soa eto an-tanindrazana ry zareo izao, bolangina sy soasoa ery, mahafatifaty mihitsy é, jereo 'reto izy kooo. Koa takio amin-dry zareo amin'izay ny hamerenana ny volambahoaka nolaniana taminy. Ananana trosa ireo tovovavy ireo satria ny hetra aloanay no nampodiana an-dry zareo teto. Maro lavitra ny "mijaly" eto an-toerana. Soa aloha fa nahazo taranaka ny sasany é, ndrôôô ... mamy né zany éé!

**Eugène Nekena:** mampieritreritra tokoa ny sasany amin'ireo vehivavy ireo, vao nahazo vola tamin'ny filoha Rajoelina dia nirevirevena ny an'ny sasany ny vola. Mba manal'azy fa nandray $$$ tam prezdà. Revy be ato an-tanàna. Hihiiiii!

**Abigaëlle Amir Razafi :** fa ohatran'ny mety2 be daholo zareo an!!

**Fafara Romy :** ary ahoana ny vatsimpianarana ilay mpianatra mianatra any ivelany (Shina ....)??

**Mireille Christina :** d mbola manao souvenir iany ve nefa efa saika tsy tafody fa hoe mijaly!!!!! Mapme DHL.

**Raketaka Rahaingo Raketamanga :** tena tssss, voafitaka mihitsy ny fitondran-dRajoelina tamin'ireo vehivavy nampodiana ireo.

**Manjary Tsilany :** ny MANAFINTOHINA AHY, REHEFA ETUDIANTS MITARAINA DIA VONOINA AM BASY TOY NY DAHALO KANEFA RETO MANANTENA FA PARADISA NY ANY IVELANY NO TOMPOTOMPOINA , TENA TSY RARINY E !

**MFlo Rahary Manantsoa :** tsy mijaly fadiranovana ireo jereo nge ny zestan'ireo avy nanao vacances ireo e !

**Randrian Hery :** aza atao anzan kosa e. Mpiray tanindrazana ireo, nijaly tany an-tanin'olona . Maharary foana ny maheno an'izany ary ilaina nampiana. Ny tam-tam sy vola lany amin'izany indray resaka hafa mihitsy .

**Mandroso Randria :** oadray, nilaza ny contraire an'zany ngah zah eo? Sa ianao tsy mahay mamaky teny tsara?

Resaka hafa? Fa hitanao ve ny nataon-dry zareo sy ny nandaniany ny vola nanampiana azy? Jereo fa misy vidéos maro mandeha² any dia mba ho gaga koa ngamba ianao, nirevireven'ny sasany fotsiny ny vola azony.

**Ladinintsoa Rabe :** fa raha mpianatr'i vontovorona no nitaraina tonga dia basy sy daroka fa ref sitrapon'itony dia delegation mitsy □□□ tohizo iany ko!

Mila mankany Koweït le CESES migrevy reo fa tsy hitany fanjakana nareo ra eto Dago mitaraina, mampihomehy ilay fitondrana Rajoelina.

**Tsiky Mandamina :** avereno ny taxe nalaina tamin'ny karamanay fa aleonay homena ny mahantra eto Dago toy izay atao ohatra an'izao ..

**Hajanirina Rabemananjara :** zah koa de mba gaga mihitsy, dia ny fanjakana mihitsy vé rangah no miseho sy mijoro, de lasa affaires national le fampodiana an'ireto , nefa na nivoahany teto Madagascar aza an-tsokosoko sy kolikoly ny ankamaroany , de fampodiana azy lasa affaires national, mahagaga. Tena tsy fahaizan'ilay mpitondra mihitsy.

**Tille Mandrantosoa :** masika be ve izaho raha hiteny hoe: nanatena zavatra hafa nandeha tany nefa hanao la bonne. Ny arabo tsy tia olona kamo2 sy hijejojejo fa hiasa no ilany an' ireo tany! normal ireo raha nataon' ny mpampiasa azy nahita tany.

TSENAN'ANDRAVOAHANGY

## Manao hetsika fandaminana sy fanadiovana mandritra ny herinandro ny CUA

Nanomboka omaly ny hetsika fandaminana sy fanadiovana ny tsenan'Andravoahangy sy ny manodidina, izay ataon'ny Boriboritany fahatelo, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ary haharitra herinandro ankoatra ny alarobia izao. Nitarika izao hetsika izao ny Delegen'ny Boriboritany faha-3, Hery Razafintsalama sy ireo mpiara-miasa aminy. Tafiditra indrindra ao anatin'ny vina 100 andron'ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana izao hetsika izao. Arak'izany dia natomboka teo ivelan'ny tsenan'Andravoahangy ny hetsika ; teo Mascar sy ny manoloana ny tsenan'Andravoahangy ary ny manodidina. Nesorina tamin'izany ireo mpivarotra rehetra amoron-dalana ary nampidirina ao anatin'ny tsenan'ny Etal, ireo mpivarotra akoho ao anatin'ny tsena kosa dia hisy ny fandaminana izay hatao amin'ny famindrana azy ao anatin'ny tsena ihany . Nisy arak'izany ny fanesorana sy fanadiovana ny loto misavovona naterak'ireo mpivarotra amoron-dalana ireo, indrindra ny manoloana ny CSBII ; narahana fanasana izany, izay nataon'ny mpamonjy voina ary nofaranana tamin'ny fandrarahana ranom-panafody mamono mikraoba. Teo koa ny fanalana ireo fiara mijanona izay mibahana manery lalana sy fifamoivoizana. Mbola hiroso amin'ny fandaminana ireo mpivarotra solomaso koa ny boriboritany amin'ny famindrana azy nohon'ny fanamboarana ny toerany atao trano biriky. Ny tanjona amin'izao hetsika izao dia ny fanalana ny loto sy ny mpivarotra amoron-dalana ary ny hampihenana ny fitohanan' ny fiara. Tonga nanatanteraka ny asa teny an-toerana ny ekipan'ny Boriboritany fahatelo rehetra : mpanadio sy agent d'assainissement, ny ekipan'ny tsenan'Andravoahangy, ny DIP, DSH, ny mpamonjy voina ary ny Polisy nasionaly sy Monisipaly . Marihina fa mbola hitohy ny talata, alakamisy ary ny zoma izao hetsika izao.



*Ny fandaminana sy fanadiovana ny tsenan'Andravoahangy.*

***Helisoa***

Kaominina Ambodiharina Mahanoro

## Nahazo foto-drafitrasa mitentina 48 tapitrisa Ar avy amin'ny AMB

Zava-bita mitentina 12000 Euros, na 48 tapitrisa Ar eo, no notokanana tany amin'ny fokontany Vohilava, kaominina Ambodiharina distrikan'i Mahanoro, faritra Atsinanana ny herinandro lasa teo. Ireo zava-bita ireo dia trano sekoly CEG vaovao misy efitra 2, rano fisotro madio mandeha amin'ny angôvo avy amin'ny masoandro ho an'ity sekoly ity ary toeram-pivoahana na WC. Izany no tontosa dia vokatry ny fiarahamiasa teo amin'ny kaominina Ambodiharina Mahanoro, sy ny fikambanana AMB, Amitié Madagascar Bretagne avy any Frantsa. Nanome voninahitra ny fotoana ny lehiben'ny CISCO any Mahanoro Julio Razafindraimiasy, ny ben' ny tanànan'ity kaominina ity Rakotoson Hubert ary ny filohan'ny AMB, Xavier Guillavard. Zava-dehibe ny fahavitan'izao foto-drafitrasa izao hoy ny ben'ny tanànan'Ambodiharina, Rakotoson Hubert, satria trano falafa tsy misy dabilio no nianaran'ny mpianatra teo aloha, ka faly izy ireo nahazo izao trano vato avy amin'ny AMB izao. Nisy ny fandraisan'anjaran'ny fokonolona sy ny kaominina tamin'ny nanaovana ireo foto-drafitrasa izao, ka anisan' izany ny herin-tsandry. Nanambara ihany koa ity ben'ny tanàna ity fa hitarina amin'ny fokontany hafa ny fanaovana trano sekoly trano vato toy izao. Notokanana ny faran'ny herinandro teo koa ny foto-drafitrasa momba ny rano fisotro madio tany Ambodiharina sy Masomeloka, samy any Mahanoro ihany, mbola fiarahamiasa tamin'ny AMB koa.



***Aly***

## SARIITATRA : K25 no tsy maintsy ho aloha




29 Martsa tany Boeny

## Nivoitra fa : "Sambatra ny firenena manana an'i Jehovah ho Andriamaniny"

*"Sambatra ny firenena manana an'i Jehovah ho Andriamaniny"*, Salamo 33:12a. Io no soratra masina notorian'ny FFKM nandritra ny vavaka iraisam-pinoana tao amin'ny Ekar Mahabibo ny faran'ny herinandro teo, ho fahatsiarovana ny faha-72 taonan'ny Tolom-pahafahana tamin'ny 29 martsa 1947. Ny ran'ireo razan-tsika nitolona ho amin'ny fahafahana dia raisin-tsika ho zezika hampiroborobo ny fitiavan-tanindrazana ao anatin'ny Malagasy tsirairay avy hoy ny Filohan'ny FFKM Mahajanga, ny Pastora Rakotomalala J. Olivier. Fanomezana nomen'Andriamanitra ka tokony ho kolokoloina sy hatsaraina fa tsy havarotra ny tanindrazana hoy izy. Ny zoma 22 martsa dia tao amin'ny Moske Djoma Ambovoalanana ireo mpino Silamo no efa nanao ny fivavahana fangatahampitahiana, ho an'ny firenena raha ny sabotsy 23 martsa ireo Advantista, no nanatanteraka izany, tao amin'ny trano fivavahany tao Manga. Tokony hisy ny fifanajana sy fifanomezana hasina amin'ny samy Malagasy, indrindra ho an'ireo namoy ny ainy hoy kosa ny antson'ny Prefet an'i Mahajanga, ary tokony ho raikitam-pisaka ao anatin'ny kolontsain-tsika ny fitiavana tanindrazana toy ny an'ireo razan-tsika, hoy izy.

**Lanonana ara-miaramila**

Teny amin'ny Kianjan'ny 29 martsa 1947 ao anatin'ny jardin Cayla no natao ny lanonana ara-miaramila. Fametrahana fehezam-boninkazo, izay nosantarin' ireo miaramila andiany faha-11 mitondra ny anarana "29 martsa 1947" nivoaka tao amin'ny Akademia miaramila Antsirabe no nanombohana izany. Notohizan'ireo manam-pahefana sivily sy miaramila, Bekotro maroholatra, fikambanana ary olon-tsotra izany taorian'izay. Mpampianatra taranja Tantara sy Jeografia iray no niezaka namintina nampahatsiahy sy nampahafantatra ny zava-nisy tamin'ny Tolom-panafahana 1947 mba hampifoha ny hambompom-pirenen'ny tsirairay. Narahina fijoroana vavolombelona nataon'Andriamatoa Rakotoarivelo Daniel, iray amin'ireo Bekotro maroholatra dimy sisa velona monina any Mahajanga izany. Izy dia anisan'ireo miaramila tao amin'ny Tandrokomby Moramanga nandray anjara tamin'ny tolona 1947 tao anaty alan'i Beparasy. Fijerena fampirantina ireo tahirintsarin'ny ANTA mirakitra ny zava-nisy sy ireo mpanao ny Tolom-panafahana 1947, ary fijerena ny horonan-tsary "Tabataba 1947" sy fiaraha-mihinana nofonkena mitam-pihavanana niarahan'ny manampahefana sy ny Bekotro maroholatra, samy tao amin'ny EPP Fiofio, no namaranana ny lanonana fahatsirovana ny 29 Martsa 1947 tany Mahajanga.

***Isambilo***



*Ny sasany amin'ireo Bekotromaroholatra any Boeny.*

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Anjatiana A

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**30/03/19 hatramin'ny 06/04/19**

- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 22 312 81/ 020 22 350 80
- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/ 020 24 627 72
- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/ 034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 / 034 98 379 12

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 893-04-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**MIARINARIVO ITASY**

## Tontosa ny fanofanana momba ny fananan-tany

Natao tany Miarinarivo faritra Itasy ny 19 febroary ka hatramin' ny 27 martsa lasa teo ny fiofanana momban'ny fananan-tany sy ny fanatsarana ny tanàna, izay notontosain'ny INDDL (Institut National de la Décentralisation), na Ivon-toeram-pirenena momba ny fitsinjaram-pahefana. Solontena avy amina vondrom-bahoakam-paritra toy ny kaominina no niatrika izany tany an-toerana. Anisan'ny nanana solontena tamin' izany ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo, mirahalahy izy ireo no niatrika izany, izay mpiara-miasa amin' ny kaominina Ivato ao amin'ny birao ifoton'ny fananan-tany (BIF) ao anivon'ity Kaominina ity. Nahazo mari-piofanana avokoa ireo mpandray anjara tamin'izany fiofanana izany.



*Solontena avy amin'ny Kaominina Ivato, anisan'ny niatrika fiofanana momba ny fananan-tany tany Miarinarivo.*

***Serge***

Agrivet

## Mampiroborobo ny fiompiana tantely

Matihanina amin'ny fiompiana tantely eto Madagasikara ny orinasa Agrivet. Ity lalampihariana ity dia mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny toekarena. Agrivet dia manana ny vahaolana rehetra hanampiana, na hanosehana ny tetikasan'izay liana amin'ity lalam-pihariana fiompiana tantely ity, raha te hampitombo ny fiompiana tantely, na vao hanomboka hanao izany dia afaka miaramiasa aminy. Ankoatra izany anefa, tandindonin-doza ny tantely nohon'ny aretina Varroa. Io bibikely io dia mamono ny tantely. Mamindra ary mety handringana ny fiompiana iray manontolo mihitsy izy ity. Misy ny vahaolana atolotry ny orinasa hiadiana amin'ity bibikely mpandrava ity, amin'ny alalan'i Dr Karlo. Manana fanazavana momba ny fanafody ampiasaina, izay nafarana avy any ivelany, fanafody izay tsy misy atahorana ho an'ny fahasalamana ary indrindra mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena.

***Aly***

ORTANA

## « Randonnée » any Babay ny 13 aprily ho avy izao

« Randonnée », na fitsangatsanganana laroina fanatanjahantena any Babay, ao amin'ny distrikan'Ankazobe faritra Analamanga indray, no ho tanterahan'ny Ortana, na ny ofisim-paritry ny fizahantany amin'ny faritra Analamanga ny sabotsy 13 aprily ho avy izao. Manakaiky ny lalampirenena faha-4 (RN4) no misy an'I Babay, vohitra na tendrombohitra manana haavo 1460 m izy miohatra amin'ny ranomasina. Toerana anisan'ny manana tantara amin'ny faritr'Imerina sy ny faritra Vonizongo iny, tamin'ny andron'ny mpanjaka Andrianjaka sy tamin'ny andron'ny fanjanahantany i Babay. Babay dia tsy afa-misaraka amin'ny havoana Lohavohitra koa ny tantarany. Sady hahita ny hakanton'ny voahary sy ny tontolo manodidina any Babay ireo mpandray anjara amin'ny hetsika hataon'ny Ortana ny 13 aprily io, no hahafantatra ny tantara ihany koa. Toy ny mahazatra, ho an'ireo liana handray anjara amin'izany dia etsy amin'ny Ortana, zaridaina Antaninarenina ny fisoratana anarana.


***Aly***



BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 277**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0276)

***Mitsivalana***
- Sakanana
- Ody – AT
- Aina – Fia
- Toro
- Anamamy
- Non(o) – Toby (Miv)
- Maso (Miv) – Ota (Miv)

***Mitsangana***
- Soarano
- Ady – Nos(y)
- Kintana
- Moa (Miv)
- No – Ray
- Fomba
- Nay – Toy (Miv)
- Atao – To

### TENY MIFANAPAKA N° 277




**Mitsivalana**

**1.** Tadidinao **2.** Foto-tsakafo – Reraka **3.** Tosika – Mpanoritra (Miv) **4.** Mamarana ny diany – Ambany toerana **5.** Najanony – Metaly **6.** Tsirin-teny – Atono (BR) **7.** Sokajy ; laharana – Tango **8.** Hazo maro – Dahalo **9.** Itafiana **10.** Hazandrano

**Mitsangana**

**A.** Faramandimby **B.** Fitaovan'ny mpanjaitra (Miv) **D.** Antsiben'Andriamanitra – Nandeha **E.** Vola fanomezana – Ao amin'ny vala **F.** Lera – Foto-tenin'ny manolo **G.** Diky (BL) – Fanitarana – Tany kely (Miv) **H.** Miantso – Mari-drefy **I.** Mpanondro – Tsy misy volo **J.** Bengy – Tena **K.** Fanodinana (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0276

***Mitsivalana***

1 Sehatra - B.V 2. Ekena - Lay 3. Tavy - Fomba 4. Hao (Miv) - In 5. Katro (Miv) - Alao (Miv) 6. Kary - Kanto (Miv) 7. Avo - Misava 8. Taly 9. Bara 10. Atao - Voaly

***Mitsangana***

A. Setroka - Sa B. Eka - Ravo D. Hevitro - Ba E. Any - (T)ay - Tao F. Ta-(B)ok(y) - Mor(a) G. Fo - Valio (Miv) H. Alahotsy I. Ma (Miv) - Ana - Ha J. Bibilava K. Anaka - Ry

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fanolorana ny kandida Ramboasalama Emilien, Boriborintany faha-4, teny amin'ny Espace Mahatazana Fort Voyron ny sabotsy teo.









Nanome fanampiana ireo ankizy mpanao baolina tao amin'ny fokontany Ankadifotsy Befelatànana ny kandidà Bodo.







